Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 03/10/2020 hatramin'ny 10/10/2020

- MAHAMASINA (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58

- ISORAKA (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12

- CAPITALE (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00

- AMPANDRANA (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82

- RABARISOA (Andravoahangy près BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1077-10-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

KAOMININA TALATA VOLONONDRY

Manao bondongerona tsy manaiky fifampiresahana amin'ny vahoaka

Manao bodongerina fa tsy mba misy fifampiresahana amin'ny vahoaka rehefa mandray fanapahan-kevitra goavana, ny ben'ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy ao amin'ny kaominina Talata Volonondry distrikan'Antananarivo Avaradrano. Raha ny vaovao azo avy any an-toerana dia :

Hazo (bevohoka ny anarany), efa naniry amanjato taona teo akaikin'ny biraon'ny kaominina tonga dia notapahany tsy nierana akory nefa Talata irery no anisan'ny manana azy. Vokatr'izany malahelo avokoa ireo olobe ao an-toerana.

Mpivarotra koba sy saosiy ao Talata izay anisan'ny vakoka ho an'ity kaominina ity, tadiavina hafindra any an-tampon-tsena, kanefa io no anisan'ny mampalaza ny tanàna. Ny olona tsy hiakatra any hiantsena raha hividy koba, fa 2 min na 5min no hijanonany eo , dia eo amoron' arabe eo izy ireo no mividy. Maty ny tanàna raha miala eo ireo mpivarotra koba sy saosisy ireo, hoy ny fanambaran'ny solontenan'ny mponina sy mpivarotra avy any an-toerana.

Ny biraon'ny kaominina ao Talata Volonondry.

Ny tsena indray dia ataon' ny ben'ny tanàna parking.

Marihina fa tsy eken'ny ankamaroan'ny olona ireo fanapahan- kevitra ireo sady tsy nangalana ny hevitry ny vahoaka, ka mahatonga ny olona hieritreritra hidina an-dalambe any Talata Volonondry.

Helisoa

Famatsiana rian'aratra

Tsy voavaha, mbola mitohy tapatapaka lava foana ny jiro

Anisan'ny iray lehibe nanakianana mafy ny fitondrana Rajaonarimampianina ny tsy nahavahany ny olana amin'ny fahatapatapahan'ny jiro, na ny rian'aratra sy ny delestazy niverimberina matetika isan'andro vaky. Izy rahateo nilaza hahavaha ny olana tao anatin'ny telo volana hitondrany ny firenena. Niaraha-nahita sy niaina anefa fa tsy tafavoakany izany.

Niakatra teo amin'ny fitondrana i Andry Rajoelina ary niseho ho babany amin'ny famahana ity olana amin'ny famatsiana rian'aratra sy jiro ity. Dedaka mihitsy aza ny tenany tamin'io resaka io nandritry ny adihevitra mivantana nifanaovan'ireo kandidà samihafa tamin'ny haino aman-jery tao anaty fampielezan-kevitra fifidianana filoham-pirenena. Toy ny hoe ho voavahany ao anaty fotoana fohy ihany koa io olana io. 22 volana aty aoriana anefa tsy mivaha ny olana. Mbola miaina amin'ny fahatapatahan'ny jiro ny vahoaka. Ary tato ho ato, ankoatran'ny fisian'izany isan'andro, dia miha-maharitra ihany koa, tsy minitra fa ora maro, ny fahatapahana. Mazava loatra, fa tsy misy iavahany tamin'ny fitondrana teo aloha ny zava-misy ankehitriny. Mitovy ny tsy fahombiazan'ireo fitondrana ireo ho an'ny vahoaka. Ny fitondrana Rajoelina aza no mbola tsy mahomby kokoa, satria efa nahafantatra mialoha io olam-bahoaka io nialoha ny niakarany teo amin'ny fitondrana. Ary niseho ho mahay sy mahavita tsara lavitra noho ny teo alohany amin'ity lafiny famatsiana rian'aratra ity.

Be ny fahavoazana ateraky ny fahatapahana tampoka ny rian'aratra, sy ny fiverenan'izany tampoka ihany koa avy eo. Maro ireo fitaovan'ny vahoaka simba, na ao antokantrano, na any am-piasana. Midika ho fatiantoka izany ary misy fiantraikany any amin'ny fidiram-bola sy ny fandaniana. Tsy miditra velively amin'ny fiheveran'ny fitondrana sy ny orinasa Jirama izany, ary tsy ao anaty kajiny ny amin'ny fanonerana izay simba any amin'ny mpanjifa any. Dia tsy maintsy ny vahoaka hatrany no mizaka ny vokatry ny tsy fahombiazan'izy ireo.

Radafy

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 321



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0320)

Mitsivalana
- Totozy
- Sisa – Tay
- Iditra
- Omby
- Adina – Ma
- Kila – Ao
- Mitokona (miv)

Mitsangana
- Tsipaka
- Dio (miv) – Din(a)
- Tsikilo
- Tao (miv) – Nak(a)
- Roa
- Maty (miv) – At
- BMOI
- Vlia

TENY MIFANAPAKA N° 321



Mitsivalana

1. Savoritaka **2.** Fanampin'anarana (miv) – Mpanolotra (miv) **3.** Fianakaviana – Naoty **4.** Ongoty **5.** Ao amin'ny Baiboly (miv) – Faranteny – Maharitra **6.** Aro orana (miv) – Hazo maro (BR) **7.** Zanak'i Dada – Anana **8.** Lapan'ny mpanjaka – Vitsy, madinika (miv) **9.** Mpiara-belona **10.** Fotoana – Antsiben'Andriamanitra (miv)

Mitsangana

A. Eny amin'ny habakabaka – Taova **B.** Ranom-bava (miv) **D.** Sakafon-jaza – Feo miverina (miv) **E.** Vokatry ny tany – Resy **F.** Nanambarana **G.** Vola tsy voaloa – Kianteny (miv) **H.** Mpanondro toerana – Karazam-by (miv) **I.** Mpanoritra – Naoty – Harena (miv) **J.** Faritra iray any Ambatondrazaka **K.** Mpanondro – Amboa

Valiny Teny mifanaraka 0320

Mitsivalana

1. Lakolosy **2.** AV - Ao - Anio **3.** Voankazo **4.** Tia (miv) - Oty - Bà **5.** Maniraka **6.** Nen(y) - Re **7.** Arahaba **8.** Tara - Ako **9.** Roa - Fasana (miv) **10.** Ombalahy

Mitsangana

A Lava - Sotro **B.** Miova (miv) - Moa (miv) **D.** Bararata (miv) **E.** Nao (miv) - Rà **F.** Lokoina - La (miv) **G.** Atrehina **H.** Saziana - Ha (miv) **I.** Ino ? - Basy **J.** Baraka **K.** Fora - Afo (miv)